

## ALAHADY FAHA 33 MANDAVANTAONA - B



**« Dia ho hita amin'izay ny Zanak'olona avy eo ambonin'ny rahona amin-kery lehibe sy voninahitra » (Mk. 13: 26)**

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady faha-32 mandavantaona lasa teo ny fampianarana azontsika dia ny hoe izay tia mahafoy, fototry ny fiainantsika sy ny maha zanak'Andriamanitra antsika ny fahafoizana, fototry ny maha Kristianina antsika ny fahafoizana eo amin'ny mpiara belona amintsika, fototry ny maha mpanorina antsika EOJ sy ETA. Averimberintsika matetika araka ny fampianaran'i Papa François fa ny "politika lavorary" dia ny fahafoizana sy fanompoana. Miatrika izao Sinaody faha-7 izao isika ary ao anatin'ny fiomanana hanatanteraka ny hasim-pinoana amin'ny

Vakiteny I : Dan. 12, 1-3  
Tononkira : Salamo 15  
Vakiteny II : Heb. 10, 11-14. 18  
Evanjely : Mk. 13, 24-32

Alahady ho avy izao, Alahadin'ny fankalazana an'i Kristy mpanjaka. Ary izao Alahady faha-33 izao no nofidin'ny Papa ho andro fanasoavana ny mahantra. Indrisy fa vokatr'ity KORONTANAVIRUS ity dia mihamaro ny mahantra eto amintsika ka ity andro anio ity, izay andro

hankalazantsika sy hirosoantsika bebe kokoa amin'ny asa fanasoavana an'ireo voahiliky ny fiarahamonina no henointsika izany hafatra izany. Ao anatin'izao volana novambra hahatsiarovantsika ireo havantsika nialoha lalana antsika ary indrindra manomana antsika amin'ny famaranana ny taona litorjika dia tarihin'ny Eglizy isika hibanjina ny fiainan-koavy, izany no tian'ireo vakiteny asongandina sy fampianaram-pinoana ho antsika. Hiverina tokoa i Kristy ary rehefa tonga ny faran'izao rehetra

izao, farandro no filazantsika azy fa tsy misy mahalala ny ora hahatongavan'izany. Misy ny milaza mahita aloha ka manambara ny daty nefa mazava ny tenin'i Kristy fa na izy aza tsy mahafantatra an'izany. Ny zavatra tena azo itokisana dia tsy maintsy misy izany farandro izany ary hiverenan'i Jesoa Kristy amin'ny fomba manetriketrika. Izany no anton'ny ankalazantsika azy amin'ny famaranana ny taona litorjika. Ny fankalazana dia sady fahatsiarovana (memorial fa tsy anniversaire) no hivelomana, noho ny fanentanan'ny Fanahy Masina dia efa mivelona sahady an'izay ankalazaina isika, izany no mahatonga antsika mankalaza an'I Kristy mpanjaka amin'ny herin'ny androany. Koa omanin'ny Eglizy isika ka aroso ny antsika ny vakiteny manentana ho an'izany amin'izao Alahady faha-33 mandavantaona izao. Vakiteny mampitodika antsika hahafoy mba hivelona tahaka an'I Jesoa. Azo lazaina fa tena toe-panahy fototra tsy maintsy halalinina io fahafoizana io amin'izao sinaody izao. Tsy afaka hanorina araka ny sitrak'Andriamanitra tokoa isika raha tsy mahafoy ary manompo.

Ny bokin'i Daniely mpaminany no milaza ny fiafarana : *“Amin'izany andro izany, hitsangana i Misely ilay filoha ambony, izay miandany amin'ny zanaky ny firenenao, ka amin'izany no ho androm-pahoriana tsy mbola nisy toa azy, hatrizay nisan'ny firenena, ka hatramin'izany andro izany.”*, mety mampavozo, mampatahotra tokoa ny fiheverana izany farandro izany fa aoka isika na dia eo aza ny zava-misy sarotra iainantsika. Tamin'ny fotoana nanoratan'i Daniely io boky io dia lavitra ny fanantenana ny vahoakan'Israely satria teo ambany fifehezan'ny grika izy fa natoky kosa an'Andriamanitra. Matetika isika no milaza raha izao tontolo izao no *“very fanahy mbola velona”* satria tsy misy *“repères”*, isika kosa manana an'I Kristy *“ilay tsy , omaly anio ary mandrakizay”*. Izany no tanjon'izao sinaody izao mba hivahatra tsara, hifototra tsara ny *“FINOANA, FANANTENANA, sy FITIAVANA”* ka na dia mafy aza ny sedra isan-karazany eo amin'ny fiainana dia miroso isika. Tsy irery fa MIARA-DALANA : EGLIZY OLO, VELOMIN'NY BATEMY (izany hoe ny finoana, fanantenana, fitiavana) KA ZARY TABERNAKLA VELONA.

Io indrindra ny bokin'I Daniely Mpaminany milaza izany : *“Amin'izay dia ho voavonjy ny firenenao, dia izay rehetra hita voasoratra eo amin'ny boky. Ary maro amin'ireo mandry ao amin'ny vovo-tany no hifoha: ny sasany ho amin'ny fiainana mandrakizay; fa ny sasany ho amin'ny latsa amampanariana mandrakizay. Izay ho efa hendry hamirapiratra hoatra ny famirapiratry ny lanitra; ary izay ho efa nitarika ny maro ho amin'ny fahamarinana, ho tahaka ny kintana mandrakizay.”*

Ho an'izay miombona tanteraka amin'Andriamanitra dia hanana ny fiainana fa izay varimbariana kosa amin'ny rendrarendra ety ivelany, tsy ho ao anatin'izay hafaliana mandrakizay, izay fahasambarana izay, izany no tian'ny vakiteny voalohany ambara.

Ny lalana izany dia ny fahafoizana, izay tia mahafoy, amin'ny alalan'ny fanompoana no hanehoana ny fitiavana. Izany no ametrahan'ny Papa ity andro anio ity ho fanompoana, hikatsahana ny soa ho an'ny hafa, handresena ny ratsy mikiky ny tontolo iainana sy ny tontolom-piainana ary ny tontolom-pinoana ka manapotika ny fivelarana amin'ny maha-olona manontolo sy amin'ny olon-drehetra. Noho ny fitiavan-tena dia potika ny fiainantsika. Andron'ny fametrahana ny rariny sy ny hitsiny ihany koa izao andron'ny fanompoana izao. Ny fanompoana dia ny fikatsahana ny marina mandrakariva sy fametrahana ny rariny sy ny hitsiny, izany no hahafahantsika miaina ny fandriam-pahalemana sy ny fihavanana marina. Ny fahafoizana sy fanompoana no ahafahantsika mifanasoa sy mifampitsimbina ary mikatsaka ny soa iombonana.

Izany no ampianarin'i Jesoa amintsika ao amin'ny Evanjely, ho avy tokoa ny zanak'olona ary hanangona ny olom-pinidiny avy amin'ny vazan-tany efatra izy. Fahasoavana ho antsika ny fahatongavan'i Jesoa ka tsy tokony hampatahotra antsika, rehefa tonga izany fotoana izany araky ny evanjely vao norenesintsika teo dia aoka isika hatoky ny famindram-pon'Andriamanitra ary hizara ny famindram-pon'Andriamanitra eo amin'ny manodidina antsika. Tsy ho hisy ny fihavanana na ny fandriam-pahalemana raha tsy manjaka ny famindram-po sy fifamelan-keloka. Matetika averintsika ny hoe : aoka ho fihavanana sady Kristianina no Malagasy. Ny fampanjakan'ny famindram-po sy ny fifamelan-keloka no fihavanana sady Kristianina no Malagasy. Tanteraka izany raha mahafoy sy manompo isika. Toe-panahy fototra entintsika miaina ny sinaody io na sinaody iombonana eran-tany na sinaody faha-7 eto anivon'ny diosezintsika. Tsy ho hisy tokoa ny EGLIZY MIARA-DIA : MIOMBONA, MANDRAY AN-TANANA, MIKATROKA HO IRAKA sy NY EGLIZY OLO, VELOMIN'NY BATEMY KA ZARY TABERNAKLA VELONA raha tsy vonona hahafoy sy hanompo ny vita batemy jiaby. Io no toetra entintsika mitsena an'i Jesoa rehefa miverina izy amin'ny farandro. Aoka àry hatoky ny famindram-pon'Andriamanitra isika, hiomana bebe kokoa hatrany, fantantsika fa mizotra mankany amin'ny fiverenan'i Jesoa ny fiainantsika na dia araky ny naverimberina fa ny Ray ihany no mahalala ny andro sy ny ora hahatongavan'izany araky ny voalazan'i Jesoa . Noho ny tsy fahafantarana ny andro àry aoka isika ho vonona lalandava, midika fanompoana izany satria vonona mandrakariva isika ka na amin'ny fotoana fahafiry dia vonona. Mivavaka no dikan'ny vonona, izay manambara fa miombona amin'i Jesoa ny fiainantsika ka ny fiainan'i Jesoa zary fiainantsika, izany no fiomanana sy angatahin'i Jesoa amintsika raha milaza izy hoe miambena lalandava fa tsy fantatrareo ny fotoana hiavian'ny zanak'olona. Aoka isika hiomana tokoa amin'ny alalan'ny fivavahana fa tsy hiandry andro lava, aoka isika tsy ho variana ka hanadino ny tena fototra maha zanak'Andriamanitra sy maha olona araiky antsika ka ho taranaka mpanorina tokoa isika *“Lazaiko marina aminareo fa tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pahatongan'izany rehetra izany”*.

Ho taranaka mpanorina tokoa isika ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro, izany no antitranterin'ny mpanoratra ho an'ny taratasy Hebrio ao amin'ny vakiteny faharoa. Raha manohy ny fandalinana izy dia milaza fa ny fiainantsika ho zary sorona ho an'Andriamanitra ka zary sorona tahaka nataon'i Kristy izay nampihavana antsika amin'Andriamanitra, sorona famelan-keloka, sorona manamasina antsika. Aoka isika ho vonona hanolotra ny fiainantsika ho sorona, izany hoe zary fiainana misy an'Andriamanitra ny fiainantsika na dia tsy lavorary aza. Sorona tokoa ny fiainantsika raha vonona mahafofy sy manompo tahaka an'I Kristy isika.

Ry Jesoa Tompo ô, misaotra anao izahay amin'ny fanambaranao fa ho tonga tokoa ny farany ary ianao ho avy eto aminay ka enga anie Andriamanitra Ray handrotsaka ny fahasoavany sy ny Fanahy ka hahatonga ny fiainanay tokoa ho fiainana misy anao ka hitoetra ao aminao izahay ary ianao hitoetra ao aminay sady manomana ny fainan-koavy izahay no hampamokatra ity fiainanay ity mba ho fiainana mendrika ny maha-zanak'Andriamanitra. Mitaky fahafoizana sy fahavonona hanompo izany. Ny herin'ny fahasoavanao sy ny herin'ny Fanahy Masina anie hanampy anay hanatanteraka ny adidinay eo amin'ny fiainanay andavanandro izay hiomananay ny fiainan-koavy ka tsy hampatahotra anay ny hiandry ny ora hiverananao na dia tsy fantatray aza. Ampio àry izahay amin'ny dinika rehetra ataonay amin'izao sinaody izao mba ho vonona hahafofy tokoa ka samy vonona hifampihaino ary hiroso amin'ny fiombonana. Masina Maria Renin'I Jesoa sady Renin'ny Eglizy, matoky ny vavakao izahay ka ampianaro hahay hahafofy, hanolo-tena ho Mpanompo tahaka anao. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Erantany, miaraha dia aminay amin'izao Sianaody izao tahaka ny nataonao tamin'ny Fianakaviana Masina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson